# Ilay Voa Tsara Nafafy 02 Jona 2018

**2** **Asabotsy**
jona

**Fa efa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very.** Lioka 19. 10

**Mahatoky Andriamanitra, Izay nahatonga ny fiantsoana anareo hananananareo firaisana amin'ny Zanany, dia Jesosy Kristy Tompontsika.**
1 Korintiana 1. 9

**Zava-dehibe tsy nampoizina niandry ahy**

„Tsy mba liana tamina antokom-pivavahana na inona na inona aho : na silamo, na kristiana, na hafa. Nihevitra aho fa tokony hanararaotra ny fiainana araka izay azo atao, satria rehefa avy eo dia ho avy ny fahafatesana ; ary aorianan' izay dia tsy misy na inona na inona intsony. Izany no fotokevitro. Nigoka sy nifoka no nandaniako ny fiainako, ary nampitondra ny tsy zaka ho an'ny vadiko sy ny zanakay lahy mbola kely izany.

Indray andro aho dia nifanena tamina namana iray niaranao raharaha miaramila tamiko, ary nasainy ho any antranony. Niaraka tamin'ny vadiko sy ny zanakay aho, ary tsy nanampo mihitsy hoe misy zava-dehibe niandry ahy tany. Kristiana mantsy io lehilahy io. Niresaka tamiko momba an'i Jesosy izy, ary nitaona ahy hiaraka aminy hanatrika fivoriana kristiana iray. Tsy nisalasala aho nankany, niaraka tamin'ny vady aman-janako. Nanomboka teo dia niova nihatsara ny ankohonanay. Misaotra ny Tompo aho noho ny nahafahanay telo mianaka nandray an'i Jesosy teo amin'ny fiainanay, tamina finoana tsotra dia tsotra. Sambatra sady faly izahay satria ao amin'i Kristy, ary nanjary nahatakatra fa io no lalana niriko hizorana efa hatry ny ela, na dia tsy tsapako aza izany.

Matetika izahay any am-piangonana no latsa-dranomaso, mandritra ny fotoanan'ny fiderana. Saingy tsy ranomason' alahelo tsy akory izany, fa ranomasom-pifaliana. Ny faniriako dia ny mba hahafantaranareo koa ny fiombonana mahatalanjona anananay amin'ny alalan'i Jesosy, fiombonana amin'ny Andriamanitra Tsitoha, ao amin'ny fiangonany, dia ny fivorian'ny rahalahy sy anabavy ao amin'i Kristy."

*Lounis*